SACRIFICE 316

# Fanatitra velona

*"KOA amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina."* Romana 12:1-2

**Ny fanatitrao.** Matetika dia tsy mazava loatra ity famporisihana ny hanolotra ny tena ho toy ny *"fanatitra velona sy masina"* ity. Na izany aza, tena zava-dehibe ny maneho aminao ny fomba hahatonga anao ho mihoatra ny hoe mpino an'I Jesosy Kristy fotsiny. Ny andininy voalohany dia fanamby ho an'ny mpino tsirairay hanatanteraka fanatitra manokana ho an'Andriamanitra aorian'ny famonjena. Ny andininy faharoa dia manome toromarika momba ny fiainana aorian'io fanatitra io. Maneke an'Andriamanitra mandrakariva amin'ny fitondranao ny hazofijalianao isanandro, Lioka 9:23. Tsy izany anefa no tena tanjon'ny Romana 12:1. Mibaiko izy mba *"hatolotrareo ny tenanareo"* mba hanaovana *indray mandeha monja* fanoloran-tena, fatokiana, ary fanekena feno an'Andriamanitra. Tsy ny famonjena izany. Ny Famonjena dia mifototra tanteraka amin'ny fanatitra nataon'i Kristy. Samihafa izany. Eto dia fanatitra ataonao. Tsy fanatitra isanandro. Izany dia fanolorana ny fiainanao tsy misy fepetra sy maharitra ho an'Andriamanitra, ho fanatitra velona, masina ary ankasitrahana. Izany dia fanomezanao an-tsitrapo ny tenanao ho an'Andriamanitra ho Voninahiny ary hampiasany izany tsy misy fepetra.

**Nahoana no manao izany fanatitra izany?** Noho ny Famindrampony. Ny Romana toko faha 1-11 dia mamaritra ny Famindrampon'Andriamanitra. Ny Romana 12:1 dia milaza aminao izay tian'Andriamanitra hataonao noho ireo Famindrampo ireo. Ny Romana 12:2 dia manome famporisihana roa ho an'ny fiainanao *aorian'ny* fanatitrao. Ny Famindrampo lehiben'Andriamanitra tamin'ny namonjena sy nanamasinana anao dia voafaritra ao anatin'ireo andininy iraika ambiny folo voalohany ireo. Noho izany, atolory ny tenanao ho an'Andriamanitra. Hotahiany ianao amin'izao fiaianana izao sy amin'ny mandrakizay. Kanefa, ny antony tena manosika ny fanatitrao dia tsy eo alohanao. Ao aorianao izany. Ny antony tena manosika anao dia mifototra amin'izay efa nataon'Andriamanitra. Alaivo sary an-tsaina I Jesosy manolotra ny tanany misy holatry ny fantsika anao sady miteny hoe, "Noho izay efa nataoko ho anao, ataovy izao ho Ahy." Izany no hevitry ny Romana 12:1.

**Nahoana no fanatitra indray mandeha monja?** Satria izay no hevitr'ireo teny ao amin'ny Romana 12:1-2. Ny matoanteny *"aza manaraka"* sy *"miovà"* ao amin'ny 12:2 dia amin'ny fotoana ankehitriny. Midika izany hoe ataovy ireo zavatra roa ireo izao ary tohizo mandritra ny fiainanao. Kanefa, ny matoanteny *"Atolory ny tenanareo"* ao amin'ny 12:1 dia tsy amin'ny fotoana ankehitriny amin'ny teny Grika. Amin'ny teny Grika dia midika ho asa tokana izany. Tsy midika hoe atao mitohy izany. Midika izany hoe ataovy indray mandeha monja. Fanolorana hentitra ny tenanao ho an'Andriamanitra izany. Atolory ny tenanao ho fanatitra ho Azy. Ny Romana 12:1 dia momba ny fanatitrao. Mikasika ny fametrahanao ny tenanao mandrakizay eo amin'ny Altaran'Andriamanitra izany.

**Sary roa.** Ny Deoternomia 15:12-17 dia dia maneho izany an-tsary. Ny andevo Hebreo afaka iray dia mahazo manapa-kevitra ny hijanona ho andevon'ilay tompony *an-tsitrapo* sy *mandrakizay.* Izany safidy izany dia mifototra amin'ny famindrampon'ilay tompo tamin'ny lasa. Atosiky ny fitiavan'ilay andevo ny tompony izany. Mandrakizay izany. Nampiasaina ny haolo hanevehana ny sofin'ilay andevo ho famantarana fa an'ny tompony mandrakizay izy. Io fanandevozana io dia safidin'ilay andevo. Tsy noterena izy tamin'izany. Fanapahan-kevitra mandrakizay izany. Sary hafa koa no aseho ao amin'ny Fanekena Taloha momba ny biby atao fanatitra. Tsy maintsy ankasitrahana ny biby iray vao azo apetraka eo ambony alitara. Ny biby marary na misy kilema dia tsy azo nekena, Levitikosy 1-5. Izany dia maneho ny maha-masina sy ankasitrahana ny fanatitra Romana 12:1 ataonao. Ilay biby izay maty natao fanatitra dia maneho ny mampaharitra ny fanatitra. Tsy nisy biby natao sorona ka nandady niala teo ambonin'ny alitara rehefa namay izany. Tsy nisy mpisorona naka biby ny hariva ka hoe hatao fanatitra ny andro manaraka indray. Fanatitra maharitra izany. Raha esorinao eo ambony alitara ny fanatitra Romana 12:1-nao dia tsy fanatitra Romana 12:1 izany.

**Famerimberenana ny fanatitra.** Tokony hamerina ny fanatitra Romana 12:1 nataonao ve ianao? Eny, raha tsy nankasitrahana ny fanatitra nataonao. Ny fanatitra Romana 12:1 dia tokony ho velona, masina ary ankasitrahana. Velona ianao satria, rehefa nino an'I Kristy ianao, dia *"tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana"* Jaona 5:24. Ny maha fanatitra masina anao dia andraikitrao. Ny biby tao amin'ny Testamenta taloha dia mila nankasitrahana vao natao fanatitra. Tsy nisy biby tanteraka. Kanefa, tsy maintsy ho tsy nanana aretina, salama tsara ary tsy nisy kilema izany. Mampiseho zavatra roa amin'ny fanatitra Romana 12:1 izany. Voalohany, tsy tokony hisy aretina ny fanatitrao. Ny aretin'ny fahotana sy ny fisarahana amin'Andriamanitra dia tokony sitran'ny famonjena. Izany no mahatonga ny Romana 12:1 ho nosoratana ho an'ny Mino ihany (asehon'ny teny hoe "rahalahy" ao amin'io andininy io). Ny fanatitra ataon'ny tsy mino dia tsy azo ekena satria tokony haterina *aorian'ny* famonjena fa tsy *alohan'ny* famonjena izany. Mila manatona an'I Jesosy aloha ianao vao afaka manaraka Azy. Raha te hahazo antoka ny amin'ny famonjenao ianao dia tsidiho ny www.Gospel316.org. Ny hoe masina dia maneho ny taham-pahadiovana ara-panahy azo ekena eo amin'ny fiainan'ny mino. Rehefa izay vao ankasitrahan'Andriamanitra ny fanatitra Romana 12:1 ataonao. *"Koa raha misy olona manadio ny tenany ho afaka amin'ireny, dia ho fanaka homem-boninahitra izy, efa nohamasinina ka mahasoa ho an'ny Tompo, voavoatra ho amin'ny asa tsara rehetra".* 2 Timoty 2:21. Tsy afaka ny ho tanteraka ianao. Kanefa, afaka manolotra ny tenanao amin'ny haavo ilaina amin'ny fahasalamana ara-panahy sy fahamasinana. Rehefa nankasitrahan'Andriamanitra ny fanatitra velona sy masina nataonao dia tsy mila mamerina manolotra izany intsony ianao. Kanefa, raha tsy nankasitrahan'Andriamanitra ny fanatitra nataonao satria mandalo na tsy masina, dia ilaina ny famerenanao izany. Manolorà ny tenanao ho fanatitra maharitra, velona ary masina. Manolorà ny tenanao an-tsitrapo sy maharitra ho andevon'Andriamanitra. Aza atao ho zavatra maivana izany. Fanapahan-kevitra tena matotra aorian'ny famonjena izany. Rehefa nankasitrahana ny fanatitrao, dia tohizo amin'ny Romana 12:2 amin'ny tsy fanarahana sy ny fiovam-piainana amin'ny maha-mpanara-dia marina an'I Jesosy Kristy anao. Noho izay rehetra nataony ho anao dia ataovy ho Azy izany!

**Fiainana aorian'ny fanatitrao.** *"Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina,"* Romana 12:2. Ity andininy ity dia manome famporisihana ho an'ny fiainana aorian'ny fanatitra Romana 12:1 nataonao. Ireo famporisihana dia amin'ny fotoana ankehitriny, izay midika fa tokony hitohy tsy hanahaka izao tontolo izao sy hitohy hiova amin'ny fanavaozana ny saina. Aza manaraka, aza manaiky, ny fomba fanao feno fahotan'izao tontolo izao. Aza avela ho izao tontolo izao no manefy anao amin'ny maha-Mpino anao. Ny Romana 12:2 dia mamporisika anao hoe *"miovà amin'ny fanavaozana ny saina."* Ny teny Grika nadika hoe *miova* dia mitovy amin'ny teny ampiasaina momba an'I Jesosy ao amin'ny Matio 17:2 sy Marka 9:2 Izay maneho fa *niova tarehy Izy.* Ny Romana 12:2 dia famporisihana hiova tarehy amin'ny alalan'ny fanavaozana (fanovana tanteraka ho amin'ny tsara kokoa) ny sainao. Izany fiovana izany (mbola mahatalanjona kokoa noho ny fiovan'ny fanday ho lolo) dia tanteraka amin'ny fianaranao sy fiainanao ny Tenin'Andriamanitra. Ataovy ny fanatitra Romana 12:1-nao. Aza miditra ao amin'ny lasitr'izao tontolo izao. Miovà tarehy amin'ny fianaranao sy ny fiainanao ny Tenin'Andriamanitra. Rehefa izany dia afaka ny hamantatra sy hiaina ny Sitrapon'Andriamanitra ianao.

**"Hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina."**
**Romana 12:2**

---

*Fanatitra velona* © 2026 nosoratan'i John D. Morris III dia navoakan'ny Acts One Eight. Azonao atao ny manonta malalaka, mandika, mandefa, mailaka, na mandefa hafatra miaraka amin'ny atiny tsy miova miaraka amin'ity fanambarana feno ity. Azonao atao ny manampy ny anaran'ny asa fanompoana na ny fiangonana misy anao na ny sary famantarana eo an-tampon'ny pejy voalohany, ampio ny mombamomba anao eo ambonin'ny tsipika matevina eo akaikin'ny faran'ny pejy faharoa. *Sacrifice316* dia mifototra amin'ny Baiboly irery ihany. Ny antom-pisiany dia hanampy ny olona hitombo ara-panahy, hihoatra ny maha mpino tsotra an'i Jesosy. Afaka mandefa mailaka amin'ny Acts One Eight ianao (amin'ny teny Anglisy raha azo atao) amin'ny: Hello@Mail316.org. Ny fandikanteny dia avy amin'ny www.ChristianLingua.com. *Fanatitra velona* dia misy dikany amin'ny fiteny 48 azonao alaina maimaimaimpoana ao amin'ny www.Sacrifice316.org. Ireo Tenin'Andriamanitra amin'ny fiteny Anglisy dia nalaina tao amin'ny The Lockman Foundation's New American Standard Bible 1995. Ny Tenin'Andriamanitra amin'ity fandikanteny ity dia nalaina tao amin'ny Baiboly Protestanta Malagasy.